Lehilahy Nanetry Tena sy Be Herim-po

JONA—FIZARANA 1

Toromarika: Tsara raha amin'ny toerana mangina ianao no mamaky ny andinin-teny eto ambany. Alao sary an-tsaina ilay tantara. Ataovy toy ny hoe teo mihitsy ianao, ka renao ny feo manodidina sy ny olona miteny, ary tsapanao ny fihetseham-pon'ireo olona asongadina ao.

❶ ***ALAO SARY AN-TSAINA ILAY TANTARA.—VAKIO NY JONA 1:1-17; 2:10–3:5.***

Nanao ahoana ny mety ho fifofofofon'ny rivotra sy ny firotsak'ilay oram-baratra?

Nanao ahoana ny fihetseham-pon'i Jona sy ireo tantsambo, rehefa jerena ny zavatra nolazainy?

Soraty eto ambany izay nety ho tao an-tsain'i Jona tamin'izy nilentika tao an-drano-masina sy rehefa natelin'ny trondro be. (Vakio ny Jona 2:1-9.)

❷ ***FAKAFAKAO ILAY TANTARA.***

Olona nanao ahoana no nipetraka tao Ninive? Nahoana i Jona no tsy te hanatona azy ireo, tamin'ny voalohany? (Nahoma 3:1)

Araka ny hevitrao, nahoana i Ninive no "tanàna lehibe teo imason'Andriamanitra"? (Jona 3:3; 2 Petera 3:9)

Noresahin'i Jona tamim-pahatsorana ny zavatra tsy nety nataony sy ny momba an' Andriamaniny. Inona no asehon'izany momba azy? (*Vakio indray ny Jona 1:9, 10.*)

Tsy fantatr'i Jona izay nitranga tao amin'ilay sambo, rehefa natsipy tao anaty rano izy. Ahoana anefa no nety ho nahafantarany an'izany, tatỳ aoriana? (*Vakio indray ny Jona 1:15, 16.*)

❸ ***AMPIHARO IZAY NIANARANAO. SORATY ETO IZAY NIANARANAO MOMBA NY...***

Tahotra.

Fanetren-tena.

Herim-po.

Ny fiheveran'i Jehovah ny olona, na dia ireo heverintsika fa ratsy fanahy aza.

❹ ***INONA NO HEVI-DEHIBE HITANAO AMIN'IO TANTARA IO? NAHOANA?***

Raha te hanao fikarohana ianao, dia jereo *Ny Tilikambo Fiambenana* 1 Janoary 2009, pejy 25-28.



www.jw.org © 2010 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania